# VOLY RAKOTRA
# STYLOSANTHES
# FARITRA AFOVOANY ANDREFANA





**Fambolem-bary, katsaka ary apemba miaraka amin'ny Stylosanthes**

- Mba hanatsarana ny tany izay reraka na misy arema
- Mba hambolena katsaka, apemba ary vary an-tanety isaky ny roa taona
- Mba hiarovana sy hanatsarana ny tsiron'ny tany
- Mba tsy hiasana ny tany sy hampihena ny fotoana hiavàna

# Inona no antony hanaovana voly rakotra miaraka amin'ny Stylosanthes aty amin'ny faritra afovoany andrefana ?

**ANTONY** → **OLANA** → **VAHAOLANA**

**ANTONY**

Asa tany
Tany misolampy
Doro tanety
Kely ny tany tampoka
Voly tsy miova
Tsy misy zezika
Tany ratsy, manta

**OLANA**




**VAHAOLANA**






## MANINONA NO STYLOSANTHES ?

- ✓ Manatsara ny tany
- ✓ Maniry amin'ny tany ratsy (tsy mifatratra)
- ✓ Mitondra rakotra maro
- ✓ Miady amin'ny ahidratsy sy ny arema
- ✓ Maharitra maintso izy / Tsy may
- ✓ Tsy voatery mamboly azy isan-taona

## Ahoana ny fanaovana azy?




**Fambolena ny Stylosanthes anaty voly hafa**




**Avela eo ny Stylosanthes (tany tampoka)**

**Fambolena vary na katsaka voly rakotra**



# 1 Volena miaraka amin'ny voly hafa ny Stylosanthes

**Tanjona**

Manararaotra ny fiavana ny voly hafa mba hambolena ny Stylosanthes. Izany no atao dia mba ahafahan'ny Stylosanthes mahazo ny orana voalohany amin'ny taona manaraka.

## Inona no atao ?

Ambolena miaraka na aoriana kelin'ny voly miaraka aminy ny Stylosanthes

Tsara raha aorian'ny fiavana voalohany

Alona ny masom-boly

Asiana zezika

Tsy manova ny vokatra amin'ny taona voalohany.

Manomana ny taona manaraka fa tsy mandresy avy hatrany ny arema

## Fitandremana sy fetra

Tsy maniry ny Stylosanthes amin'ny tany mifatratra

Volena ny desambra na janoary, farafaha tarany tapaky ny febroary

Tandremana ny Stylosanthes mandritran'ny fiavana.

Hanaovana fefy velona mba hiarovana amin'ny firaofan'ny biby fiompy



Tandremo ny biby tsy hanimba ny Stylosanthes aorian'ny fiakaran'ny voly fihinana

## Toromarika

**Masomboly**

Karazany ampiasaina : CIAT 184 (ialana amin'ny aretina)

Fatrany : 400 grama ho an'ny tany 10 ara

**Fampitsimohana**


Alona anaty rano avy nampangotrahina mandritry ny alina alohan'ny hambolena

Tsy alona raha tsy efa mando ny tany, volena avy hatrany ny ampitson'ny fandomana

**Fambolena**

Atao an-davaka, 20sm ny elanelan'ny lavaka / voa 7 - 10 isan-davaka

Halalin'ny lavaka: latsaky ny 1sm ny halaliny



## 2 Tany mitampoka nohatsaraina tamin'ny Stylosanthes

**Tanjona**

Fahazoana rakotra matevina (mandritry ny herintaona na roa taona) ho an'ny fambolena amin'ny taona manaraka

### Ny tokony atao

Tsy asaina ny tany

Raha misy bangabanga dia sosohana


Maka masomboly (volana jolay) mba ahafahana manitatra amin'ny toerana hafa

### Fitandremana sy fetra

Tandremana amin'ny doro tanety ny Stylosanthes maina

Arovana amin'ny biby fiompy :

* Volena katsaka na mangahazo mahalana
* Asiana soratra fandrarana



Ilaina ho ampy tsara ny rakotra : raha tsy izany, tsy maty ny arema sy ny ahidratsy, ary tsy mihatsara ny tany.

Tsy tokony hanomezana ny biby fiompy na angalana hanaovana compost



Raha toa ka amin'ny volana Jona, mbola mitsitokotoko sy na latsaky ny 50cm ny rakotra, dia avela herintaona indray

→ 2 **Tohizana ny fanampohana ny tany**



Raha toa ka amin'ny volana Jona, efa ampy ny rakotra (80cm-1m) dia azo atao ny mamboly amin'ny taona manaraka

→ 3 **Vonoina ny Stylosanthes ary manomana ny rakotra**

# 3 Famonoana ny Stylosanthes sy fanomanana ny rakotra

**Tanjona** Fahazoana rako-maty matevina (7-10 cm) sy mitovy tantana

## Ahoana no atao ?

Safidy amin'ireo fomba telo :



*** Fampiasana angady (aogositra-septambra)**



*** Fanosen'ny omby (jona-jolay)**



*** Fampiasana rouleau tarihin'omby (jona-jolay)**

## Fitandremana sy fetra

Ny fampiasa angady dia sarotra sy mandany fotoana nefa azo atao alohan'ny fotoam-piasana ny tany mahazatra.

Omanina iray volana alohan'ny fambolena ny tany, mba ho potika tsara ny rakotra ary tsy misy olana amin'ny tsy fahampian'ny azota

Mila mifatratra sy mitovy tantana ny rakotra, raha tsy izany :

* sarotra ny mamboly
* mitarika voalavo
* miverina maniry ny ahidratsy

Raha tsy ampy ny rakotra :

* olana ny ahidratsy
* tsy misy fihatsaran'ny tany

Tombohina amin'ny angady raha mbola misy Stylosanthes maintso alohan'ny fambolena

**Ampirisihana ny fikarakarana ny tany aloha araka izay azo atao mba :**

- tsy ho sarotra ny fitadiavana mpiasa
- ho mora ny famonoana ny Stylosanthes
- ahafahana mamboly aloha

## 3 Fambolena eo ambony rakotra Stylosanthes

**Tanjona** Fambolena vary, katsaka, apemba eo ambony rakotra Stylosanthes

### Ahoana no atao ?

Mamboly aloha arak'izay azo atao, voalohandohan'ny volana novambra

Asiana fanafody fiarovana ny masomboly :

Insector (4 g/kg masomboly)

Na Gaucho (2,5g/kg vary, 4 g/kg katsaka)



Ambolena ao ambany rakotra, mampiasa na angady na canne, tsy manakorontana ny firafitry ny tany

Mitondra zezika (zezipahitra, zezibazaha) toy ny mahazatra

### Fitandremana sy fetra

Mamboly fara-fahatarany alohan'ny 15 desambra ho an'ny vary ary alohan'ny 30 novambra ho an'ny katsaka

Mety hohanin'ny biby kely ny masom-boly raha tsy misy fanafody





Manatsara ny tany ny Stylosanthes fa tsy mahasolo zezika; manatsara ny fiasan'ny zezika simika koa izy (raha kely 100 kg NPK sy 50 kg urée amin'io fotoana io)

Raha ampy tsara ny rakotra, dia:
- Miady amin'ny ahidratsy
- Mamono ny arema
- Mitazona ny hamandoan'ny tany
- Lasa zezika ho an'ny voly fihinana ny Stylosanthes.

Mihatsara sy miaina kokoa ny tany (mitombo ny bibikely mivelona ao anaty tany).
Tandremo anefa mety hirongatra ihany koa ny bibikely mpanimba voly sy ny voalavo.





# 4 Zavatra azo atao amin'ny taona manaraka

## Inona no azo atao?

**<u>Vahaolana tsotra Ampirisihina</u>** :
Avela eo mandritra ny taona iray ny Stylosanthes (dingana faha 2), miverina manao voly rakotra indray amin'ny taona manaraka (dingana faha 3)



## Fitandremana sy fetra

Mamokatra vary na katsaka na apemba indray mandeha isaky ny roa taona ihany

Mitampoka ny tany isaky ny roa taona

---

Vahaolana azo atao koa nefa sarotra tanterahina :
mamboly katsaka avy hatrany eo ambony Stylosanthes avy eo, miverina manao voly rakotra indray amin'ny taona manaraka (dingana faha 3)



Mety hifaninana amin'ny katsaka ny Stylosanthes

Mety tsy ho ampy koa ny rakotra ka tsy ahafahana manao voly rakotra indray

Ampatoriana ny Stylosanthes fa tsy vonoina

> Mba ahafahana manao voly rakotra tsara, dia tsy maintsy matevina tsara ny Stylosanthes

**Ahoana no fomba ahafahana manao voly rakotra vary na katsaka na apemba isan-taona : fitantanana ny tany mitampoka Stylosanthes**

| | Tany 1 | | Tany 2 | | Tany 3 |
|---|---|---|---|---|---|
| **Taona voalohany** | Fambolena Stylosanthes | | | | |
| **Taona faharoa** | Tany avela hitampoka @ Stylosanthes | *Fiotazana ny voany* | Fambolena Stylosanthes | | |
| **Taona fahatelo** | Vary ambony Stylosanthes | | Avela hitapoka @ Stylosanthes | *Fiotazana ny voany* | Fambolena Stylosanthes |
| **Taona fahaefatra** | Tany avela hitapoka amin'ny Stylosanthes | | Vary Ambony Stylosanthes | | Avela hitapoka @ Stylosanthes |

# Fambolem-bary, katsaka ary apemba miaraka amin'ny Stylosanthes













SD mad
Semis Direct de Madagascar

cirad

BRL

CENTRE FAFIALA

TAFA